# 11 NY LAZAINA

## TANJONA

- Mamantatra sy mamaritra ny teny maneho ny zavatra ifotoran'ny resaka ao amin'ny fehezanteny

## LESONA HOTADIDIANA

Ny Lazaina na L dia anjara asan'ny teny na andian-teny maneho ny olona na biby na zavatra ifotoran'ny resaka ao amin'ny fehezanteny.
Matetika ny lazaina dia anarana na mpisolo izay manao ny asa na tompon'ny toetra ao amin'ny fehezanteny.

**Sahanasa 1**

Indreto misy fehezanteny vitsivitsy. Tsipiho izay lazaina ao ary asio L eo ambaniny.

1. Tonga vao maraina androany i Neniraivo.
2. Mangatsiaka be ny andro any ivelany.
3. Mitarika ny zanany ho eny amorom-parihy i Zery gana.
4. Hariva ny andro.
5. Lafo ny akoho amam-borona any an-tsena.
6. Nanampy ny ankizy sy ny tanora nanadio ny efitrano fanaovana lanonana izahay.
7. Vokatra ny voasary any ambany vohitra.

**Sahanasa 3**

Mamorona fehezanteny miainga amin'ireto teny ireto ka ataovy L izany teny izany.

Ny tranonay:
……………………………………………………………………………………

Ny ala any atsinanana:
……………………………………………………………………………………

Madagasikara:
……………………………………………………………………………………

Ny iray tampo:
……………………………………………………………………………………

## Sahanasa 2

Fenoy amin'ny iray amin'ireto teny na andian-teny ireto ny banga amin'ity sombin-tononkalo ity

| | |
|---|---|
| biby | -ko |
| ny lanitra | Andriamanitra |
| ianao | ala mikitroka |

**Doro tanety**

Fa ê, ry setroka marina mafy
Mipololotra ka mainty …………..
Ny tany malala nendaham-pitafy
Dia mbola ho faly amin'izao ve ……………?

Ny……………….. taza…. Teto
Kila sy hoto, midaraboka may
Ireo ……. tsy levona velona sento
Vokatry ny asan'ny manam-panahy

Koa raha izao no mitohy, inona sisa
Havela ho lovan'ny taranaka afara?
Mbola hino ve …….. fa ho paradisa
No amboarina isan'andro ho an'ity Gasikara?

***Michel RAZAFILAHY***
***in Vintsy, n°8, 1994***

